

COMPARAISON DE L'IMPARFAIT ET DU PASSE COMPOSE DE L'INDICATIF / FAMPITAHANA NY IMPARFAIT SY NY PASSE COMPOSE DE L'INDICATIF

Samy azo ampiasaina ilazana asa na tranga tamin'ny vanim-potoana lasa na ny imparfait na ny passé composé. Noho izany dia ilaina ny mamantatra tsara ny fotoana ampiasana azy tsirairay avy mba tsy hifangaro ny zavatra tiana hambara. Misy teboka vitsivitsy maneho ireo fahasamihafana azy ireo izay hojerena mifanesy eto ambany.

- Milaza asa na tranga niseho tamin'ny vanim-potoana lasa ary efa nifarana ny passé composé. Ny imparfait kosa dia milaza fotsiny ny zavatra natao saingy tsy maneho mazava ny fahavitany na ny niafarany.
 - J'ai fait mes études en psychologie en France. / *Nanao ny fianarako psikolojia tany Frantsa aho.* (efa vita)
 - Il a fini la lecture du roman ce matin. / *Vitany aninkeo maraina ny famakiana ilay tantara.*
 - Je faisais mes études en psychologie en France. / *Efa nanao fianarana psikolojia tany Frantsa aho.* (tsy fantatra ny fahavitany)
 - Il finissait la lecture du roman. / *Namita ny famakiana ilay tantara izy.*
- Ny asa na tranga niverimberina dia ampiasana ny passé composé raha toa ka maneho fahazarana tamin'ny vanim-potoana lasa kosa ny imparfait.
 - J'ai lu la bible trois fois. / *In-telo aho no namaky ny baiboly.*
 - Nous sommes allés à la bibliothèque dix fois. / *Im-polo izahay no nandeha tany amin'ny trano famakiam-boky.*
 - Je lisais la bible tous les jours quand j'étais petit. / *Mpamaky baiboly isan'andro aho tamin'ny mbola kely.*
 - Nous allions à la bibliothèque tous les dimanches. / *Mandeha makany trano famakiam-boky foana izahay isaky ny alahady (tamin'izany).*
- Maneho asa na tranga mifanesy tany amin'ny vanim-potoana lasa ny passé composé, raha toa ka asa miara-miseho kosa ny imparfait.
 - Il a pris la clé de sa poche, puis il a verrouillé les portes. / *Nalainy avy tao am-paosity ny fanala hidy ary nidiny ny varavarana.*
 - J'ai entendu sa voix et je suis devenu triste. / *Naheno ny feony aho ary lasa nalahelo.*
 - Ils lisait un livre pendant que je n'étais pas là. / *Namaky boky izy tamin'izao tsy teo.*

faire: manao

étude: fianarana

psychologie: psikolojia

finir: mamita

lecture: vakiteny

roman: tantara foronina

ce matin: androany maraina

lire: mamaky teny

bible: baiboly

tous les jours: isan'andro

trois fois: in-telo

aller: mandeha

bibliothèque: trano famakiam-boky

dix fois: im-polo

petit: kely

tous les: isaky ny

dimanche: alahady

prendre: mandray

clé: fanala hidy

poche: paosy

puis: avy eo

verrouiller: manidy

porte: varavarana

entendre: maheno

voix: feo

devenir: lasa, tonga ho

triste: malahelo

livre: boky

pendant que: mandritra ny

chef cuisinier: sefo mpahandro

préparer: mikarakara, manomana

plat: lovia, sakafo

regarder: mijery

- Pendant que le chef cuisinier préparait les plats, nous regardions la télé./ *Nandritra ny fikarakaran'ny sefo mpahandro ny sakafo dia nijery tele izahay.*
- Asa miseho tampoka na mitranga anaty fotoana fohy ny passé composé raha toa ka mitohy kosa ny imparfait. Ity no manamafy ny fampisana ny imparfait ao amin'ny second plan.
 - Il pleuvait quand je suis arrivé. / *Avy ny orana tamin'izaho tonga.*
 - Maman faisait la lessive quand on est parti de la maison./ *Nanasa lamba i neny tamin'izay niala tany an-trano.*
 - Le chat dormait, soudain une souris est passée devant lui./ *Teo am-patoriana ilay saka, ary tampoka teo nisy totozy nandalo teo alohany.*
 - Pendant que je parlais à Julie, j'ai reçu un appel./ *Teo am-piresahana tamin'i Julie aho no naharay antso.*

télé: fahita lavitra

pleuvoir: avy orana

arriver: tonga

maman: neny

faire la lessive: manasa lamba

partir: miainga

maison: trano

chat: saka

dormir: matory

soudain: tampoka teo

souris: totozy

passer: mandalo

davant: eo aloha

parler: miresaka

recevoir: maharay

appel: antso

Anglais Français en Ligne by Mr Rariny